## Ny Valosoa sy hadihady

### Fampiatoana fandaharana politika

# Domelin'ny fiarovan-tseza ny fitondrana Rajoelina

Nanaitra ny mpanara-baovao maro sy mpanao politika, ankoatra ny mpisehatra eo amin'ny haino aman-jery, ary indrindra ny mpanao gazety mandala marina ny fanalalahana, ny fepetra noraisin'izao fitondrana izao ny faran'ny herinandro teo. Nofehezina tsy hisokatra ny fandaharana manao famakafakana eto amin'ity firenena ity, indrindra ny famakafakana politika. Fa hoentina aiza marina ity firenena ity ? Mampiharihary sy manamarina tokoa ve izao, fa olona tsy nianatra ary tsy natao hitàna ny familiana ny firenena no tonga eo amin'ny toerana ? Tsy izany ve no tonga amin'ilay lazain'ny mpamakafaka ny fiainam-pirenena hoe « accident de l'histoire » ? Tsy misy na firenena iray aza eto amin'izao tontolo izao mangeja ny fahalalahan'ny haino aman-jery amin'izao olana ara-pahasalamana maneran-tany izao noho ny valanaretina coronavirus.

Iaraha-mahita sy mahalala tsara, fa tandindomin-doza ara-pahasalamana mafy ny vahoaka malagasy. Efa mihinankinam-poana sisa ny sarambabem-bahoaka iarovan-tena tsy ho faty toy ireo efa aman-jatony maro efa lavo izay. « Aina ity hoy Rainimanonja ». Iza no tomponandraikitra voalohany amin'ny fiarovana ny vahoaka amin'izany ? Ny fitondrana. Mazava loatra, fa ny tokony ho laharam-pahamehan'izao fitondrana izao izany, raha tena manam-pahendrena tokoa, dia ny fiarovana ny vahoaka andro aman'alina. Ary tsy tokony handry andro na handry alina ireo miseho azy ho tomponandraikitra rehetra eo amin'izao fitondrana Rajoelina izao, hitady sy hikatsaka mafy ary hifofotra mihitsy araka izay tratry ny ainy ny fitadiavana vahaolana maika iarovana ny vahoaka entiny tsy ho lasibatry ny valanaretina mahery vaika izao, fa tsy tokony hanao fasana aloha no maha-maika.

Inona anefa no ihazakazahan'ny tomponandraiki-panjakana ? Hifehy sy hanampina ny vavan'ireo mpisehatra rehetra manao famakafakana sy adihevitra eo anivon'ny haino aman-jery eto amin'ity firenena ity. Fa iza loatra ireo mpanolotsaina ao an-dapa mamily ho amin'ny lalan-dratsy ny firenena izao? Ireo mpandany ny volam-bahoaka fotsiny, fa tsy mikatsaka izay hahasoa ny vahoaka Malagasy? Izany fepetra navoaka ny zoma teo izany ve no mahamaika azy fa tsy ny fahoriam-bahoaka andro aman'alina? Isan'andro misy Malagasy maro mamoy ny ainy, fa tsy izany no ifantohan'ny saina fa any amin'ny haino aman-jery manelingelina ny sofina sy ny saina. Manaova izay tokony ho hitsiny sy rariny ary amim-pahendrena amin'ny vahoaka Malagasy eto amin'ity firenena ity dia hilamina. Zavatra tsotra izany. Fa raha domelin'ny politika sy fiarovan-tseza fotsiny ny saina dia hanaotao foana toy izao, toy izao ataon'ny fitondrana Rajoelina izao. Asa, hihemotra ho amin'ny laharana fahafiry indray ny firenena eo amin'ny sehatry ny fahalalahana amin'ny fanehoan-kevitra sy ny fampanjakana ny demôkrasia maneran-tany, taorian'iny fepetra ny zoma teo iny. Dia hahemotra hatrany ny toeran'ny firenena ary atao ho mena-mitaha hatrany amin'ny hafa ny Malagasy. Izay no anisan'ny hain'izao fitondrana izao sy mampiavaka azy amin'ireo teo alohany.

***Sôh'son***

### Fitantanana ny covid-19

# Be ny sehatra tsy mazava nanaovan'ny fitondrana fandaniana

Ny manahirana lalina amin'izao fitondrana izao, dia ny tsy fisian'ny mangarahara eo amin'ny fitantanam-pirenena. Vao nokotrehina aza izy dia efa izany no « tsiro » natao ivelomany anaovana tiankano tsy tian-kano ny vahoaka raha ny fahitana azy. Dia samy talanjona ny rehetra rehefa nahita ny fidedahana sy fampisehoana natao teny amin' ny kianjaben'i Mahamasina tamin'ny fotoana nametrahana ny fitondrana taorian'ny filazan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), ny fahalaniany tamin'ny fifidianana ny faran'ny taona 2018. Naseho ireo fitaovam-piadina sy fiara mifono vy, ny fiara tsy mataho-dalana mainty vaovao ho an'ny filoha, tsy fanta-pihaviana ny nividianana azy ary tsy fantatra ny vola lany nividianana azy sy ny nividy azy. Toy ny efa nomanina mialoha ireo, fa efa tsy maintsy ho lany ary ho tonga eo amin'ny toerana ny filoha ankehitriny tamin'izany fotoana izany. Tsy mandehandeha ho azy amin'izao izany, fa misy ketrika politika maloto ambadika. Noterena hanaiky ny zava-misy sy miseho fotsiny ihany ny vahoaka, fa tsy natao hahafantatra ny marina sy ny mangarahara rehetra momba izany.

Nitohy ihany izany tsy fangaraharahana teo amin'ny fitantanam-pirenena izany tato anatin'ny roa taona mahery izao. Nisongadina tao anatin' izany ny fitantanam-bola teo amin'ny fiatrehana ny covid-19. Be ny sehatra tsy mazava sy tsy fantatra marina tamin'ireo nanaovana sy anaovan'ny fitondrana fandaniana. Mitaky izany ny avy amin'ny mpanohitra kanefa miala maina hatreto tsy nahazo valiny. Ambara ho manakorontana indray aza izy ireo kanefa zony ny mitaky izany ary tena tokony ho ataony mihitsy satria tsy misy afaka hiteny ny olompirenena. Ny Fiarahamonim-pirenena aza efa mamaky bantsilana, hamonoany sofina fotsiny izao. Politika efa nifanarahan' ireo mpitondra ve ny tsy hampisy mangaraharaha eo amin'ny seha-pitantanana ny firenena mandritry ny maha eo amin'ny fitondrana azy? Tsy nambarany tamin'ny vahoaka na ireo nifidy na tsy nifidy azy anefa izany tany ampiandohana, ary tsy nifanarahana. Endrika iray lehibe maneho ny fomba fiasan'izao fitondrana izao izany, dia ny haha tompon-trano mihono mandrakariva ny vahoaka. Any amin'ny mpanohitra sisa no mba hahitan'ny vahoaka mangirana kely momba izany, kanefa izao indray fa tampenam-bava izy ireo amin'ny haino aman-jery. Dia atao ve izany ny tsy hahalalan'ny vahoaka ny marina eto? Moa tsy fanabadoana ny vahoaka tsotra izao ve izany? Azo heverina anefa fa mbola hitohy io fomba fiasan'ny fitondrana io raha ny zava-misy ataony ankehitriny iaraha-mahita izao.

***Sôh'son***

### Senatera teo aloha

# Marary mila tolo-tanana i Ramasy Adolphe

Araka ny vaovao voaray, marary mila tolo-tanana amin'izao fotoana ny senatera teo aloha avy amin'ny antoko Arema, Ramasy Adolphe. Efa ho 5 taona izao ity loholon'i Madagasikara teo aloha ity no marary, izany hoe efa tamin'ny taona 2016 izy no tsy salama, hoy ny vaovao nampitain'ny vadiny. Araka ny fanambaran'ity andefimandriny ity ihany, miady irery izy ankehitriny amin'ny fitsaboana ity mpikambana teo aloha tao amin'ny An-

tenimierandoholona ity. Mitaraina izy fa tsy misy mba miantso, na mamangy ireo namany rehetra hatramin'izay. Resy ve izy dia tsy misy miraharaha intsony, ranomaso tsy latsaka sisa ny an'ilay Ramatoa nitatitra ny vaovao. Ny senateran'i Madagasikara teo aloha Ramasy Adolphe dia tsy afaka miresaka firy ankehitriny, satria miraikitra ny lelany. Any Moramanga faritra Alaotra Mangoro izy amin'izao fotoana, ho an'ireo tapaka sy namana, na ireo malala-tanana hanampy azy.

***Stefa***

### Fampihantonana fandaharana politika

# Tonga amin'ny fetra tsy azo leferina intsony isika hoy ny HVM

Manoloana ny fampiatoan'ny fitondrana ireo fandaharana politika amin'ny haino aman-jery samihafa, tamin' ny alalan'ireo ministera 5, misy ny fanambarana nataon'ny antoko HVM : Hery Vaovaon'i Madagasikara. Manameloka ny tanteraka ny fanapahan-kevitra miendrika Jadona, sy ny fanitsakitsahana ny lalàna velona mifehy ny hamehana ara-pahasalamana voalazan'ny andininy faha-61 ao amin'ny Lalàmpanorenana ny HVM. Toheriny ny zo fototra hananan'ny olom-pirenena haneho hevitra sy hahazo vaovao, izay mampihemotra ny demokrasia nimatimatesana tamin'ireny tolom-bahoaka nifandimby nisy teto ireny. Aoka tsy hafenina amin'ny alalan'ny fanapenam-bava ny vahoaka, ny tsy fahombiazan'ny Mpitondra amin'ny ady atao amin'izao valanaretina amin'ny endriny vaovao izao. Ny hamehana ara-pahasalamana dia tsy natao ho hery famoretana ka hamotehana ny soa toavina demokratika sy ny fanjakana tan-dalàna. Efa tonga amin'ny fetra tsy azo leferina intsony isika, hoy ihany ity antoko najoron'ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina ity. Miaina ao anaty fahoriana sy fitaintainana lalina isan'andro ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao, ka ilaina ny fisian'ny adi-hevitra amin'ny haino aman-jery, izay fitaovana hisian'ny mangarahara amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena. Noho izany hoy ny HVM, tamin'ny alalan'ny sekretera jeneraly nasionaliny Rachidy Mohamed: mitaky ny fanafoanana tsy misy fepetra io fanapahan-kevitra noraisin'ny fanjakana io izy ireo. Miantso ny Malagasy rehetra hijoro hiady amin'ny Didy Jadona, izay mitady hiorimpaka eto amin'ny firenena ary hitaky ny ara-dalàna sy ny ara-drariny ao anaty fankatoavana ny soa toavina Malagasy: ny hevitry ny maro mahataka-davitra. Tongava saina, tongava jery isika mahàzahôa hônondràha, hoy ihany ny fanambarana. "Mifanome tanana ho amin'ny fampandrosona", anisan'ny teny filamatry ny HMV no namaranany azy.

***Nangonin'Isambilo***

***Rachidy Mohamed, sekretera jeneraly nasionalin'ny antoko HVM.***

## TONONKALO

# Mpitondra tsy afa-panadinana

Naroso indray ny fihibohana sabotsy sy alahady,
Vokatry ny saina donto, tsy afaka manadihady.
Raha jerena anefa ,indrisy, mihamaizina ny sary,
Fa vao mainka be ny maty , mihamitombo ny marary!

Fakan-tahaka no betsaka , ny any andafy no nianarana,
Saingy tena tsy mahomby raha natao ny fampiharana !
Ireo madinika hatrany izay mivelona amin`ny varotra,
No vao mainka idiran-doza sy mitolona ady sarotra !

Tsy navela hamelatra entana fa nampiharina ny didy,
Ka angamba ho lo daholo ny entana `zay saika hamidy!
Vola miditra tsy misy, aretina efa tsy voatolona.
(Aiza re ny fijerena ilay atao hoe "maha olona" ?)

Ry mpitondra o ! mihevera sy mba mandiniha ihany.
Tena mora ny mandroaka ireo mpivarotra amin`ny tany.
Saingy aiza izay mba vatsiny, aiza izay mba "fitsimbinana"?
Raha tsy misy dia ekeo f`ianao dia tsy afa-panadinana !

***IRINA HO TAFITA (25-04-21)***